**Toriteny ho an'ny Fahafahana Ara-pivavahana - Sabata 19 Janoary 2019**

Nosoratan'i Ganoune Diop, PhD
Directeur, Affaires Publiques et Liberté Religieuse, Conférence Générale
Secrétaire Général de l'Association Internationale de la Liberté Religieuse

*Azonao atao amin'ny fomba malalaka ny mampiasa na mampifanaraka amin'ny zava-misy ity toriteny ity ho an'ny Sabata momba ny Fahafahana ara-pivavahana, miaraka amin'ny fankasitrahan'i Dr. Diop sy ny PARL.*

**Fomba fijery mifototra amin'ny finoana momba ny zo fototry ny olombelona : ny toeran'ny fahafahana ara-pivavahana amin'ny maha-ivo azy**

Ny fahafahana ara-pivavahana na ny fahalalahana ara-pinoana na finoana dia eken'ny fiaraha-monina iraisam-pirenena ho zon'olombelona manerana izao tontolo izao. Izany dia voasoratra ho andininy faha-18 ao amin'ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon'olombelona. Nankatoavina tamin'ny 10 Desambra 1948 izany. Ny fahafahana ara-pivavahana, ny zo hino araka ny feon'ny fieritreretan'ny olona, dia voasoratra koa amin'ny antontan-taratasy iraisam-pirenena maro, fanambarana, fifanekena, fivoriambe ary lalàm-pikambanana iraisam-pirenena sy isam-paritra toy ny *Organization of American States* (OAS), ny *African Commission on Human and Peoples' Rights*, ny *Association of Southeast Asian Nations* (ASEAN), fikambanana maro hafa ary mazava tsara ao amin'ny lalàm-panorenam-pirenena maherin'ny 150.

Eo amin'ny sehatry ny lalàm-panorenan'ny firenena, ny fahafahana ara-pivavahana dia voalaza ho ampahany amin'ny vondron'ireo fahalalahana/fahafahana sy zo izay ifandraisany amin'ny fomba ety. Raha ny marina dia tsy azo sarahina mihitsy izy ireo. Mifameno ireo zo ireo hany ka tsy tokony hifanohitra na hanana fifandraisana mampifanolana. Ny fahalalahana ara-pinoana na ny finoana dia tsy azo ferana amin'ny fifanoheran'ny zo, fa mihoatra lavitra noho ny fanasokajiana toy izany izy. Tsy vitan'ny hoe mamatotra fotsiny ho iray ny fahafahana fototra rehetra izy, fa izy mihitsy koa no fototra ihodinan'ny maha-mateza azy sy ny maha-ara-drariny azy ireo. Raha ny marina, ny zo maha-olom-pirenena dia mifototra amin'ny maha-zava-dehibe ny feon'ny fieritreretan'ny olona izay foibe ao anaty ho an'ny fanapahan-kevitra, ny safidy, ny faharesen-dahatra ary ny finoana.

Amin'izay hambara manaraka eto dia tiako ny hanasongadina ny fomba fijery mifototra amin'ny finoana, izay antenaiko fa hanatsara/hampanan-karena bebe kokoa sy handrisika ny fanoloran-tenantsika ho amin'ity fahalalahana/fahafahana fototra ity, fa raha tsy misy azy dia tsy misy dikany izay fahalalahana/fahafahana hafa rehetra.

Avy amin'ny fomba fijery mifototra amin'ny finoana, ny fototry ny fahalalahana/fahafahana ara-pivavahana dia ao amin'Andriamanitra. Ny resadresaka, ny adihevitra, ny didy ary ny lalàna momba ny fahafahana dia hita ao amin'ny filôzôfia grika-romanina, ny fanazavana voizin'ny eoropeana, ny filôzôfa britanika, ny fanandraman'ny revolisiona frantsay na amerikana. Ny

fahafahana dia toetran'Andriamanitra. Ao amin'Andriamanitra dia tsy azo sarahina amin'ny toetrany ara-môraly na ara-pitondrantena izany. Ny fanekena ny fahalalahana/fahafahana ara-pivavahana dia fomba iray ahazoana an-tsaina sy andraisana anjara amin'ny zava-miafin'Andriamanitra sy ny fomba ifandraisan'Andriamanitra amin'ny olona noforoniny araka ny endriny. Ny hatsaram-panahin'Andriamanitra amin'ny olona dia tonga modely ho an'ny fifandraisantsika amin'ny olona tsirairay.

Misy zavatra saro-pantarina sy mendri-kaja amin'ny olombelona tsirairay. Fomba maro samihafa no iantsoan’ny olona izany : ny fanahin'ny olona, ny feon'ny fieritreretana, ny fanahy. Ity zava-miafina ity dia tokony hanome fahamalinana, fanetren-tena ary fanajana ny olombelona rehetra.

Ny fahafahana ara-pivavahana rehefa inoana sy raisina dia ampahany amin'ny toe-tsaina feno hatsaram-panahy ho an'ny olona tsirairay izay mifanena amintsika. Izany dia lasa ampahany manan-danja amin'ny fomba fiainana izay maneho fanetren-tena eo anatrehan’ny zava-miafin’ny maha-olona.

Ny fomba fijery fototra iray momba ny fahafahana ara-pivavahana dia izao : ny olombelona tsirairay mifanena aminao dia manana fifandraisana saro-pantarina sady manokana amin'ny Mpamorona. Izany fifandraisana izany dia masina sy lalina. Ny tsirairay amin'ireo fifandraisana iainan’ny olombelona miaraka amin'ny Mpamorona ireo dia mety ho amin'ny dingana samihafa saingy ny tsirairay avy amin’izy ireo dia samy manan-danja sy sarobidy avokoa. Ny fanambarana fa "Andriamanitra dia fitiavana" ary koa Andriamanitra dia tia fatratra izao tontolo izao, dia mahatonga antsika hisaintsaina amin-tahotra sy fanajana ny fifandraisan'Andriamanitra akaiky amin'ny olombelona tsirairay.

Ny tsirairay amin'io karazana fifandraisana io dia tokana tsy manan-tsahala, manokana ary tsy azo anaovana dika mitovy. Tsy azontsika hakelezina na ahen-danja amin'ny alalan’ny fanasokajiana ataontsika izany. Tsy takatry ny fahalalantsika izany. Noho izany dia tsy tokony ho hitsakitsahina na lotoina amin’ny fanembatsembanana manimba ataon’ny hafa izany. Raha tsy izany isika dia mety hanitsakitsaka na handoto toerana masina manan-danja kokoa noho ny tempoly, katedraly, fiangonana, *mosquée*, synagoga, na toerana fitehirizana ny fahatsiarovana ireo maty ivavahan’ny olona.

Ankoatra izany, amin’ny fifandraisana amin'ny hafa, dia tokony hialana an-kitsirano ny hevitra mibahana mialoha. Ny fitsaratsarana, ny fitsikerana, ny fametrahana olona anaty boaty, ny famaritana azy ho toy ireny katalôgy ireny, ny fanitsakitsahana ny maha- olona azy, ny fanompana na fitenenana ratsy ny fahamendrehany, ireny rehetra ireny dia ampahany amin'ny fanimbana tsy misy dikany ny harena sarobidy indrindra amin’ny fiainana, na fanahy iniana na tsy fanahy iniana.  Io harena io dia ny olombelona mihitsy: ankizy, tanora, olon-dehibe, zokiolona, ny mambra rehetra ao amin'ny fianakaviamben'ny olombelona.

Noho izany, ny hoe mino ny maha-zava-dehibe ny fahafahana ara-pivavahana dia midika ho fanajana ny hafa, fahatsapana ny laharam-pahamehan'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny tsirairay, ary amin’izany dia manaja io fifandraisana saro-pantarina io.

Ny fanekena ny fahafahana ara-pivavahana dia fomba iray hiheverana fa masina ny olona.

Ny fahamasinan’ny fiainana dia mifototra amin’ny faharesen-dahatra momba ny fahamasinan’ny olona tsirairay.

Midika izany fa ny fanekena marina ny fahafahana ara-pivavahana dia mitaky fandaozana ny fisandohana ny tombontsoan’ny hafa amin’ny fandriasana fanapahan-kevitra amin’ny toerany. Midika izany ho fanomezana ho an’ny isam-batan’olona ny zo hamorona ny hevitry ny tenany momba ny zava-misy, ny zavatra ankehitriny sy ny farany.

Ny fanekena ny fahalalahan’ny fivavahana na ny finoana dia mamela ny olona hisafidy malalaka izay tiany hinoana sy tsy tiany hinoana ary hanao hetsika arakaraka ireny finoany ireny.

Midika izany fa ny fanekena ny fahalalahana ara-pivavahana dia mitarika antsika handao ny fisandohana ny fahefan’Andriamanitra. Midika koa izany ho fandavana tsy handray ho an’ny tena ny andraikitry ny fitondram-panjakana, toy ny andraikitra hampihatra famaliana ho an’ireo mpanao ratsy.

Ny fahafahana ara-pivavahana dia mametraka antsika amin'ny karazana làlan-kizorana hafa. Izany dia anisan'ny fanapahan-kevitra ny hanaja ny fiainana, hampiroborobo ny fiainana, hamela ny fiainana hivoatra. Midika izany ho fanehoana fahagagana eo anoloan'ny zavatra saro-pantarina an'ny hafa, na iza na iza, ny hafa rehetra. Ny fiainana dia mihoatra noho ny zavatra azo tsapain-tanana amin'ny fisehoan-javatra.

Raha misy olona, na vahoaka na fitondram-panjakana manaiky ny fahafahana ara-pivavahana dia mamela ny fiainana hikoriana. Tsy miezaka hametra ny finoan'ny vahoaka izy ireo. Manohitra ny fakam-panahy hifehezana ny finoan'ny vahoaka izy ireo na hibaiko ny hafa hoe nahoana, inona, ahoana no fomba hinoanao na tsy hinoanao.

Ny fahatakarana fototra momba ny fahafahana ara-pivavahana dia ahitana ny fanafoanana ny herisetra amin'ny endriny rehetra sy ny fomba rehetra hanehoana izany: fanerena, fanodikodinana, famitahana ary fampiasana olona ho fitaovana.

Ankoatra izany, ny fahafahana ara-pivavahana na finoana dia midika ho fahafahana amin’ny fanisian-dratsy, ny fandratrana, na fanalana baraka satria misy olona iray na vondrona iray mino amin’ny fomba hafa.

Ny fahafahana ara-pivavahana dia fahafahana amin’ny fanenjehana, fanararaotana, fanosihosena ny fahamendrehan’ny tena. Fahafahana amin’ny fahafatesana na ho lasa maritiora.

Ny fahafahana ara-pivavahana dia fahafahana (fanesorana) amin’ny fibodoana fananana. Izany dia fahafahana amin’ny fanakanana tsy hanorina fananana ho fanehoana ny finoan'ny tsirairay sy ny fankatoavany, ny fombam-pivavahana ary ny fombafomba tsy mampidi-doza.

Ny herisetra atao amin'ny olona dia mandoto sy manosihosy ny fahamarinan-toetran’ny olona sy ny fahamendrehany. Ny herisetra atao amin'ny olona dia heloka bevava, amin'ny heviny ho "fangalarana zavatra izay an'Andriamanitra." Ny olombelona dia fananan' Andriamanitra. Izany no heloka amin'ny fangalarana ny zavatra voatokana ho an'Andriamanitra.

Ny fahafahana ara-pivavahana dia fampahatsiahivana tsy tapaka ny amin’ny tsy famelana ny ny olombelona hijaly. Ny fampiharana fampijaliana amin’ny olombelona noforonina araka ny endrik'Andriamanitra dia fanimbazimbana ny fahamasinany. Tsy misy fampiharana fanaintainana! Tsy misy fandratrana!

Ny fahafahana ara-pivavahana, amin'ny farany, dia mamela an'Andriamanitra ho Andriamanitra, ary aoka Andriamanitra no hanao ny asan'ny fandresen-dahatra ny olona momba ny fahamarinana amin'ny alalan'Andriamanitra, dia ny Fanahy Masina. Izany dia Andriamanitra irery ihany no afaka manatanteraka azy ao amin'ireo efitra miafina lalina indrindra ao amin'ny fieritreretan'ny olona.

**Zo sy fahamarinana: fomba fijery mifototra amin'ny finoana irery ihany**

Ny fahafahana ara-pivavahana dia zon'ny olombelona, nefa ny zo dia mivelatra tsara kokoa ao anaty sehatry ny fahamarinana. Ampiasaina tsara indrindra ny rariny rehefa atao mihoatra azy ary miditra amin'ny sehatry ny fahamarinana. Izany dia mandeha hatrany amin’ "ilay kilaometatra fanampiny". Ny fahamarinana dia mihoatra noho ny rariny tsotra fotsiny. Ny fanatanterahana ny fahamarinana no fototry ny maha-izy ny fanekena vaovao. Noho izany dia misy dikany raha nifantoka bebe kokoa tamin'ny fahamarinana tamin'ny fomba miavaka i Jesosy. Ny toriteny voalohany manontolo nataony, fantatra amin’ny hoe Toriteny teo An-tendrombohitra, dia voavolavola mba hampisehoana ny ilàna ny fahamarinana mihoatra noho ny rariny mba hidirana ny fanjakan'Andriamanitra (jereo ny Matio 5:20).

Ankoatra ny sehatry ny finoana kristianina, dia misy marika sy mari-pamantarana momba ny zava-misy ara-pivavahana mifandray amin'ny hevitra mikasika ny fahamarinana ao amin'ny finoana hafa manerana izao tontolo izao. Ny soatoavina ara-panahy ambony indrindra amin'ny finoana silamo dia ny *Taqwa* (fahatsiarovan-tena lalandava ny maha-Manokana, Tokana an'Andriamanitra ary ny Fahalehibiazany). Ny Coran manontolo dia voambara amin’ny hevitra hoe tari-dàlana ho amin'ny *Muttaq'in*, izany hoe Silamo manana Taqwa, izay tena mpino marina "*Mumin*".

Ny atao hoe *Hinduisma,* raha ny marina, dia antsoina hoe *Sanatana Dharma* izay nadika ho ny làlan'ny fahamarinana na ny fivavahan'ny fahamarinana. Ho an-drizareo *Sikhs*, ny *dharma* dia midika hoe làlan'ny fahamarinana.

Ny ankamaroan'ny olona àry, ao amin’ny fianakaviamben’ny olombelona, dia manome lanja ny fihoaran’ny hatsaran'ny fahamarinana.

Ny fahazoana/fandraisana io fahamarinana io, raha ny marina, dia ny fanekena marina ny finoana Kristiana iray manontolo.

Ny votoatin'ny finoana kristianina ihany koa dia ny fanomezan'ny fahamarinan'i Jesosy Kristy. I Jesosy dia inoana fa fanehoana ny fahamarinan'Andriamanitra. Io fahamarinana io dia mahita ny fanehoana azy amin’ny fomba azo tsapain-tànana indrindra amin'ny alalan’ny fitiavana, indrindra fa ny fitiavana na dia ho an'ny fahavalo aza. Ny làlana ho amin'io fahamarinana io no tena fahafahana. Ny fahafahana fantatra amin’ny alalan'io fomba fijery io no fepetra ho an’ny tanjona hahatafaray amin'Andriamanitra ao amin'ny fitiavan' Andriamanitra an'ireo izay noforoniny araka ny endriny. Tsy mahagaga àry, ny fepetran’io fahamarinana io dia fahafahana. Ny fahafahana koa dia fepetra takiana amin'ny fifanekem-pitiavana marina .

**Fahafahana, fahamarinana ary fitiavana**

Ny finoana Kristiana dia ambara tanteraka amin’ny hevitry ny fahafahana, hoy ny Apôstôly Paoly ao amin'ny Galatiana 5: 1. Na izany aza, ny fahafahana dia tsy fiafarana ao amin’ny maha-izy azy. Izany dia mifantoka amin'ny fanomezana fitiavana izay arotsaky ny Fanahy Masina ao am-pon'ny mpino. Ao anatin'izany tontolon-kevitra izany ihany, ny Apôstôly dia manindry fa ny lalàna manontolo dia tanteraka amin'ny fanambarana malaza manao hoe: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao." Avy eo dia nanambara izy fa ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po (Gal 5:22).

Ny Fanahy Masina no manatanteraka ny tanjon'ny lalàna eo amin'ny fiainan'ireo izay miaina ny fahafahan'Andriamanitra. Izany fahafahana izany dia mikendry ny hamorona toerana ho an'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana. Io fitiavana io dia avy amin'ny maha-Andriamanitra mihitsy.

Ny rafitra iray manontolo amin'ity fahitana ny finoana kristianina ity dia fantatra amin’ny alalan’ny fanambarana ny zava-miafina sy ny fahamasinan'ilay Andriamanitra Telo Izay Iray, izay fitiavana, ary ny zava-miafina sy ny fahamasinan'ny olombelona tsirairay. Ny halalin'ny fitiavan'Andriamanitra ny olombelona noforonina araka ny endriny dia zavatra saro-pantarina ihany koa. Ahoana no dia nitiavan'Andriamanitra fatratra an'izao tontolo izao ka nahatongavan’i Jesosy teto amin'ny planeta iray izay lasa toerana amaharan’ny fahavalo, mba hampitovy ny tenany amin’ireo izay tiany amin’ny fomba lalina indrindra, ka hijaly ary ho faty ho an'izy ireo? Nefa ny zava-miafina dia tsy zavatra iray izay tsy misy na inona na inona azo fantarina momba azy. Izany dia zavatra iray izay tsy ho fantatra amin’ny fahafenoany rehetra. Andriamanitra dia hihoatra mandrakariva ny zavatra rehetra mety ho fantatsika momba an'Andriamanitra. Ny antony dia satria isika olombelona voafetra miezaka mieritreritra momba ny tsy maha-manam-petra an'Andriamanitra. Ity zava-miafina ity anefa

dia fanasana antsika hiditra sy hiaina/hanao fanandramana ny amin’ny fiombonam-pitiavana Aminy.

Ny tsiambaratelon'ity zava-miafina nambara ity dia aseho amin'ny fomba fifandraisantsika samy isika amin'ny maha-olombelona antsika. Nambara tamintsika tamin'ny fanekem-pihavanana voalohany fa ny zavatra takin'Andriamanitra amin'ny olona tsirairay dia izao manaraka izao: "ny hanao ny marina sy ny ho tia famindrampo, ary ny hanaraka an’Andriamanitra amin’ny fanetren-tena" (Mika 6: 8).

Ny fandehanana amin’ny fanetren-tena dia mifototra amin'ny fankasitrahana ny fahalehibiazan'Andriamanitra sy ny fifandraisana saro-pantarina izay ifandraisany amin'ny olombelona noforoniny araka ny endriny. Midika izany fa ilaina ny mahatsiaro fa amin'ny fifampiraharahana amin'ny hafa dia mifampiraharaha amin’ny fomba tsy mivantana amin'Andriamanitra izay maneho ny hafa isika. Izany, raha ny marina, dia mifandray amin'ny fomba fijery ara-Baiboly anankiray hafa: izany hoe, ny fiombonan’antoka lalina izay aorin 'Andriamanitra amin'ny olombelona noforoniny araka ny endriny.

Ao amin'ny fanekena vaovao dia lazaina amintsika amin'ny fomba mazava fa tsy afaka ny ho tia an'Andriamanitra Izay tsy hitantsika isika, raha tsy tia ny rahalahintsika sy ny anabavintsika amin'ny maha-olombelona azy izay hitantsika.

Araka ny hizingizinin’i Jesosy ao amin'ilay antsoina hoe Toriteny tao an-tendrombohitra, ny fahamarinana araka ny fijerin'Andriamanitra, dia midika hoe fitiavana na dia ny fahavalontsika aza. Amin’ny fara-tampony, ny fahamarinana dia ny fitiavana ireo rahalahintsika sy anabavintsika olombelona amin'ny maha-taratry ny fitiavan'Andriamanitra ny fianakavian'olombelona iray manontolo izay tiany ho vonjena ary handany ny mandrakizay miaraka Aminy amin'ny fiombonam-pitiavana.

F**ahafahana ho tia**

Ny fahafahana dia toetran'Andriamanitra. Fahefahana avy amin' Andriamanitra koa izany. Ny fahafahana dia fanomezana avy amin'Andriamanitra mahatonga ny fitiavana ho zava-misy. Asan'ny Zanaka ny manafaka ireo izay voafandrika ao anaty vahohon'ny fahafatesana ary manolotra fahasoavana ho azy ireo dia ny fiainana mandrakizay amin'ny fitiavana. Ny fanatrehan'ny Fanahy Masina no mampidina ny fitiavan'Andriamanitra ao am-pontsika ary mahatonga antsika hanana ny toetra amam-panahintsika ho vonton’ny vokatra rehetra avy amin'ny Fanahy Masina: fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharipo, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po.

Koa ny fanatrehan'Andriamanitra ao amin'ny olona amin'ny alalan'ny Fanahy Masin' Andriamanitra no mahatonga antsika hihevitra ny olona tsirairay ho masina. Ny feon'ny fieritreretan'ny olombelona ao amin’ny maha-izy azy dia manasa antsika ho malina, mahalala fomba, mitandrina tsara sy malemy fanahy amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa

na iza na iza; manaja, mandanjalanja ny fahalianan'Andriamanitra ambony indrindra sy ny fitiavany, ny fiahiany tsy tapaka ary ny fanolorany fahefana ao amin'ny olombelona tsirairay. Andriamanitra dia mitady ny fotoana mety rehetra hisarihana ny olona hiverina amin'ny fiombonana amin'ny fitiavany telo izay iray. Izany no mahatonga antsika hiara-miasa ho an’ Andriamanitra sy miaraka amin’Andriamanitra, amin'ny fanekena ny fahalalahan'ny feon'ny fieritreretana, ny fahafahana ara-pivavahana na ny finoana, ny fahalalahana ny ho mpivavaka na tsy ho mpivavaka. Ny fitiavana dia tsy manery ny làlany ao amin'ny olona. Manasa mandrakariva amin’ny alalan’ny fandresen-dahatra am-pilaminana izy.

**Famaranana sy fomba fijery**

Avy amin'ny fomba fijery mifototra amin’ny finoana, izay manamarina lalina kokoa ny fanoloran-tenantsika amin'ny lanjan'ny fahafahana, ny fahamarinana ary ny fitiavana, dia misy kokoa ny fahafahana ara-pivavahana noho ny hita maso.

Ny manosika ny fiarovantsika ny fahafahana ara-pivavahana dia manana fomba fijery maharitra kokoa.

1. Ny fahalalahana eo amin'ny fivavahana na finoana dia soatoavina manerantany. Izy io dia ampahany amin'ny fitambaran'ny soatoavina izay hitan’ny fiaraha-monina iraisam-pirenena fa ilaina ho an'ny fampivoarana ny maha-olona, ny fiaraha-monina feno filaminana ary ny firoboroboana ara-tsosialy.

2. Ny fahafahana ara-pivavahana dia tsy hoe fihaonan’ny soatoavina ankamamiana fotsiny ihany fa mamehy ny fahafahana fototra rehetra izay votoatin’ny fahamendrehan’ny fisian'ny olombelona.

3. Ny fahafahana ara-pivavahana na ny finoana dia ekena ho zon’olombelona maneran-tany izay aseho ao amin'ny andininy faha-18 amin'ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona izay eken'ny fiarahamonina iraisam-pirenena, tamin’ny ny 10 Desambra 1948.

4. Ny fahafahana ara-pivavahana dia fepetra araka ny lalàna voasoratra ao anatin'ny ankolafin-dalàna eo anivon’ny firenena maro.

5. Ny fototry ny fahafahana ara-pivavahana dia mandeha lalindalina kokoa noho ny filôzôfia grika-romanina, ny fanazavana voizin’ny eoropeana, ny filôzôfa britanika, ny fanandraman’ny revolisiona frantsay na amerikana.

6. Avy amin'ny fomba fijery mifototra amin’ny finoana, ny fahafahana ara-pivavahana dia avy amin'ny fahafahan'Andriamanitra. Toetra na hatsaran-toetran’Andriamanitra izany. Ny fahafahana dia vokatry ny Fanahin'Andriamanitra, araka ny filazan’ny Apôstôly Paoly.

7. Koa satria ny olombelona noforonina araka ny endrik'Andriamanitra, ny fahafahana ara-pivavahana, izay miorina amin'ny fahalalahan'ny feon'ny fieritreretana, dia ampahany amin'ny endrik'Andriamanitra. Fanehoana ny toetran'Andriamanitra izany. Noho izany dia

voatokana ho anisan'ny fomba fiainan'ny olona izay manaiky ny soatoavina ankamamian'Andriamanitra izany.

8. Ny fahafahana ara-pivavahana dia miantso ny fanajana ny olombelona tsirairay, noho ny fahalalahan'ny safidy sy ny feon'ny fieritreretana, izay tsy azo sarahina amin'ny dikan'ny maha-olombelona. Ny olombelona dia miaina ambanin’ny fahamendrehana nomen' Andriamanitra azy ireo raha toa ka tsy manana an’io toetoetra fototry ny zon'olombelona io fotsiny ihany, fa ny fahamendrehana tena izy koa mifandray amin'ny maha-olona azy voalohany indrindra.

9. Noho ny fototra izay anton’ ny fanomezana ny fahalalahana, ny fahafahana ara-pivavahana dia hamarinina amin’ny alalan’ny maha-zava-misy ny fanekem-pitiavan' Andriamanitra. Tsy azo terena ny fitiavana. Izany dia fepetra ilaina indrindra hahatonga ny fanekena ho tena marina. Raha tsy misy ny fahalalahan’ny fisainana sy ny safidy ary ny feon'ny fieritreretana, ny fkambanana ary ny fivoriambe, dia tsy ho tena marina ny fanekena. Izany no tena antony lehibe indrindra nahatonga an'Andriamanitra fitiavana namorona fahalalahana/fahafahana ho an'ny olombelona mba hisafidy ny hiombona/hifandray amin'Andriamanitra amin'ny fitiavana. Ny tantaran’ny famonjena manontolo, raha lazaina amin'ny teny hafa dia ny tantaran’ny fahalalahana/fahafahana, dia ny hamerenana indray ny fitiavana ao am-pon'ny olona. Andriamanitra dia Fitiavana. Ny Fanahiny Masina dia mampidina ny fitiavan'Andriamanitra ao am-pontsika. Izany no fandresena lehibe indrindra ny fankahalàna, ny tsy rariny, ny fanavakavahana, ny fijaliana ary ny fahafatesana. Raha ny marina, Jesosy dia miantso hoe "fahamarinana" ny fahafahana mitia, izay miitatra hatrany amin’ny fitiavana ny fahavalo. Ny fitiavana no tanjon'ny fahafahana.

10. Ny fiarovantsika sy ny fampiroboroboana ny fahafahana ara-pivavahana dia mifototra amin'ny faharesen-dahatra fa masina ny olombelona. Ny olona tsirairay dia masina noho ny feon'ny fieritreretana amin'ny maha-olombelona. Ny olona, mihoatra noho ny tempoly, katedraly, *mosquée* na synagoga, dia toerana masina tsy azo zimbazimbaina.

Ny fahalalahana ara-pivavahana dia tsy hoe ampahany fotsiny amin'ny fanatanterahana ny maha-olombelona ny fianakaviamben’ny olombelona manontolo, fa marika manondro ihany koa ny fahamasinan'ny ain'olombelona. Ambonin'izany, ny fanamasinana dia tsy azo eritreretina raha tsy misy fahalalahana/fahafahana. Ny fanamasinana dia fahalalahana/fahafahana, fahafahana amin'izay rehetra mampisaraka antsika amin'Andriamanitra. Ny fahafahana ara-pivavahana na ny fahalalahana ara-pinoana na finoana dia tena fanomezana avy amin'Andriamanitra, avy amin'ny maha-izy an’Andriamanitra mihitsy, mba hahazoantsika misafidy ny fiainana ary noho ny amin’ny fiainana dia mba hiroborobo amin'ny fitiavana.